

Dessin Catherine Rhiat

# Ilay hazo mahagaga ao Maromizaha


Angano ho an'ny ankizy novokarin'i *Catherine Rhiat*

Nandika amin'ny teny malagasy : *Rova Ahrilala*




Fampafantarana

ireo biby sy ireo alan'i Madagasikara

GERP


*May 2020*

Association pour la Sauvegarde des Lémuriens de Madagascar

ASLM France

https://www.aslm-lemuriens.org

# Taloha ela be tany hono,

# i Madagasikara dia nikambana tamin'ny tany lehibe iray antsoina hoe :

# GONDWANA.




GERP
ASLM
© Catherine RHIAT



Feno karazana biby maro niaina tamin’ilay tany Gondwana.

Niara-niaina tamin’izy ireo tao ny razamben’ireo varika.

Tao anaty ala izy ireo no nipetraka ary ravina sy voa ary voankazo no sakafon’izy ireo.

© Catherine RHIAT




*https://www.especes-menacees.fr/vari-noir-et-blanc-ou-lemur-vari/*

**Tena tian'izy ireo ny mihaona eo amin'ny hazo lehibe iray « Voamboana » izay hazo miavaka indrindra.**



GERP ASLM © Catherine RHIAT




Ka nantsoin'izy ireo hoe
« hazo mahagaga »
satria araka ny tantara
dia afaka
manatanteraka
faniriana izy.

GERP

© Catherine RHIAT



Misy biby hafa te ho mpanjakan’ny ala ka manenjika sy mamono ireo varika.

Noho izany dia nivory teo amin’ilay hazo mahagaga ireo varika rehetra  ka niteny ny faniriany tamin’ilay hazo ny mba hiala lavitra ireo biby mamono azy ireo.



*Sifak’i Verreaux*



© Catherine RHIAT

## Notanterahin'ilay hazo ny fanirian'izy ireo :




ka lasa nisaraka
tamin'ilay tany lehibe
Gondwana ilay tany
nitoeran'izy ireo
ka nanome nosy iray
antsoina hoe
Madagasikara.

GERP ASLM

© Catherine RHIAT


https://fr.wikipedia.org/wiki/Flore_de_Madagascar

Reniala

**Nandritra ireo taonjato nifanesy, karazam-biby sy zavamaniry maro no nivoatra teo amin'ilay nosy.**



Varijatsy

https://www.routard.com/photos/madagascar/1413012-vari_noir_et_blanc.htm

GERP © Catherine RHIAT

# Tsy hita na aiza na aiza afa tsy ao amin'io nosy io ihany.



http://fr.bigpoint.com/zoomumba/board/threads/vos-idees-sur-dautres-tours-du-monde.6718/

*Fosa*



http://www.zoo.lyon.fr/zoo/sections/fr/les_animaux/la_liste_des_especes/les_mammiferes/le_vari_blanc_et_noi/

*Varijatsy*



http://quilaztli.over-blog.com/2015/09/le-scarabee-girafe-de-madagascar-trachelophorus-giraffa.html

*Voangory Giraffe*



https://fr.wikipedia.org/wiki/Coua_hupp%C3%A9

*Crested coua*



http://www.routard.com/photos/madagascar/1447634-grenouille_endemique_de_madagascar.htm

*Mantella madagascariensis*

GERP

ASLM

© Catherine RHIAT

Taty aoriana dia tonga teto Madagasikara ny Olombelona.

Nanaja tsara ireo zava-boahary izy ireo tany am-boalohany.



© Catherine RHIAT

Saingy taty aoriana dia tsy
afa-po izy ireo fa mbola
te hanitatra hatrany
ny velara-taniny.



Nodoran'izy ireo ny ala mba
hanaovany fambolena sy
fiompiana omby,

ary nihanitombo tsikelikely
ny fanimbana.



*https://www.istockphoto.com/fr/photo/paysage-avec-les-paysans-labourage-et-z%C3%A9bu-aux-rizi%C3%A8res-et-onive-river-%C3%A0-antanifotsy-gm1152809078-312893478*

GERP

ASLM

© Catherine RHIAT



https://www.futura-sciences.com/planete/actualites/zoologie-menace-extinction-intensifie-primates-16367/

Nihanihena ary niapotika arak'izany ny ala fonenan'ireo varika.

Ka mba ahafahany miaina dia nahenany ny isan'ny zaza aterany.

Tsy ampy anefa izany.



https://www.nicematin.com/index.php/faits-divers/video-un-bebe-lemurien-est-ne-au-parc-phoenix-a-nice-313953

GERP

© Catherine RHIAT

**Nihamafy ny tsindry noho ny fahapotehan'ny ala, ka dia nivory teo amin'ilay hazo mahagaga indray izy ireo ary nangataka tamin'ilay hazo mba hiaina am-pilaminana ao anaty ala izy ireo ary tsy ho fahavalon'ny olombelona.**



GERP
ASLM
© Catherine RHIAT

Dia notanterahana ilay hazo mahagaga izany fanirian'izy ireo izany.



https://www.diconimoz.com/animaux/maki-vari-noir-et-blanc/



Jonah, mpianatra tao amin'ny Onisevrsite Antananarivo, nanonofy izy hoe nisy varika fotsy sy mainty niteny azy mba handeha amin'ny toerana antsoina hoe Maromizaha.

GERP

© Catherine RHIAT

# Rehefa nifoha izy dia lasa ka nandeha tany Maromizaha ary nahita ilay at ala mahafinaritra be.




GERP
ASLM
© Catherine RHIAT

# Talanjona izy tamin'ireo karazana varika maro be miaina ao.



https://www.ecoheros.ca/blogue_sauvage/super-heros-pollinisateurs/le-top-10-des-pollinisateurs-les-plus-cool-2/

*Varijatsy*



Photo réalisée par Miaro RAMIANDRASOA

*Bokombolo*



Photo réalisée par Miaro RAMIANDRASOA

*Babakoto*



*https://www.facebook.com/photo/?fbid=10228079456681546&set=a.10213630993038985*

*Simpona*



*https://wanderlord.com/aye-aye-amazing-living-thing/aye-aye-24/*

*Hay-hay*

GERP ASLM © Catherine RHIAT

# Nalahelo koa anefa mahita ireo toerana efa tsy misy ala intsony.




GERP

© Catherine RHIAT

# Hitany tao ilay varika mainty sy fotsy izay tao anaty nofiny ary nitari-dalana azy hakeo amin'ilay hazo mahagaga.




GERP

© Catherine RHIAT

**Efa nisy varika maromaro nivory teo ampototr'ilay hazo.**



© Catherine RHIAT

# Nipetraka niaraka tamin'izy ireo ihany koa i Jonah ary nanakipy ny masony.

# Tsapany tamin'izay fa ny anton'ny diany eto an-tany dia ny hiaro ireo varika ireo.




GERP
© Catherine RHIAT

http://www.lemurlove.org/lemur-gallery.html

**Nifankafantatra tamin'i Berthe i Jonah, vehivavy mpikaroka momban'ny varika ary naniry hanangana fikambanana miaro ny varika.**

.





© Catherine RHIAT

# Niara-dalana tamin'ireo mpikaroka hafa izy ireo ary nananganana ny fikambanana GERP, Groupe d'Etude et de Recherche sur les Primates de Madagascar.




https://www.facebook.com/photo/?fbid=10218686192015800&set=a.10213630993038985&locale=fr_FR

GERP



http://www.cosmovisions.com/Madagascar.htm

GERP

ASLM

© Catherine RHIAT

**Ny tanjon'ny fikambanana dia ny hanavotra ireo varika amin'ny alalan'ny fiarovana ireo alan'ny Madagasikara sy ny fanampiana ny mponina ifotony.**




https://www.facebook.com/photo.php?fbid=10227935527123397&set=pb.1528573332.-2207520000&type=3&locale=fr_FR

© Catherine RHIAT

# Tonga tao Maromizaha ny GERP
# ary niasa mba hahatonga azy ho isan'ireo ala arovana.






© Catherine RHIAT

**Ny atao hoe faritra arovana dia toerana misy aty ala izay tsy azo dorana na tapahana ny hazo ao aminy, tsy azo atao ihany koa ny mandoro na mamono na misambotra ny varika na ny biby hafa ao aminy.**




GERP

ASLM

© Catherine RHIAT

# Ao anatin'io faritra arovana io dia tsy ilaina intsony ny mandoro ala mba hahazoana vokatra tsara satria efa maro ireo karazana fambolena hita ao.




https://www.facebook.com/photo.php?fbid=10226084712774195&set=pb.1528573332.-2207520000&type=3&locale=fr_FR




GERP

© Catherine RHIAT

# Efa miroborobo  ihany koa ny fiompiana tantely izay mandray anjara amin’ny famindrana vovombony ka ahazoana voankazo betsaka sy legioma isan-karazany.



https://drive.google .com/file/d/1Ks8AEm5CXlRDT_WR7e07orYhXHLZZUpY/view

GERP

ASLM

© Catherine RHIAT

# Jonah indray dia lasa nitety an'I Madagasikara sy izao tontolo izao mba hilaza fa tandindomin-doza ireo varika saingy mbola azo atao tsara ny manavotra azy ireo fa mila hetsika malaky.



http://www.midi-madagasikara.mg/economie/2014/09/02/festival-lemuriens-manifestation-protection-du-patrimoine-national/

GERP

© Catherine RHIAT

# Mpizahatany maro no tonga nitsidika an'i Madagasikara hijery ireo varika, variana aok'izany izy ireo mahita ireto biby tsy fahita na aiza na aiza.



http://www.larousse.fr/encyclopedie/images/Planisph%C3%A8re/1312024

GERP

© Catherine RHIAT




**Nitondra asa maro hoan'ny mponina ny fahatongavan'ireo mpizahatany ,**
**ny olona sasany aza lasa mpitaridia ka mitondra ireo mpitsidika hijery karazana zavamananaina mampiavaka an'i  Madagasikara,**
**tsy ny varika ihany fa ny vorona, ny tana, ny sahona ,**
**ny voamboana, sns …**

GERP

© Catherine RHIAT

# Nahatsapa ny vokatsoa azo avy amin'ny fiarovana ny ala ireo mponina.



GERP 2017

**Fantatry izy ireo fa mila arenina malaky ireo ny fahasimban'ny ala nataon'ireo razambeny.**


https://drive.google.com/file/d/1gRx6cG3u9JC31n_-qLj9WVlAl69oAXqB/view

**Mba ho tombontsoa lehibe ho an'ny taranaka fara mandimby dia novoleny hazo indray ny tany voatavy.**

GERP

© Catherine RHIAT

# Ary koa mba hahafahan'ny varika manitatra ny toeram-ponenany, mba hahazoany sakafo sy hampitombo ny isan'ny zaza aterany.



https://www.pinterest.fr/pin/470626229809844762/





http://www.gerp.mg/?page_id=15

http://planete.simiesque.free.fr/planeteSimiesque/prosimiens/presentation/presentation_lemuriformes.php





https://www.zoonaute.net/2015/02/24/nouvellesaisonvalleesinges-3/

GERP

© Catherine RHIAT

# Ankoatr'izay dia anisan'ny asa ataon'ireo ny mpikambana ao amin'ny GERP ny mampahafantatra ny ankizy ny maha zava-dehibe ny tontolo iainany, izy ireo no ho tompon'andraikitra rahampitso. Ary ho mpandova sy mpiaro ny zavaboary.




© Catherine RHIAT

**Nanomboka teo dia tsy irery intsony ny varika,**
**tsy irery intsony i Jonah sy ny GERP,**
**eo anilany isika.**

**Isika miaraka no afaka manova ny tantara ,**
**afaka miaro ireo varika ireo mba tsy ho lany**
**tamingana isika.**




© Catherine RHIAT

https://www.facebook.com/photo/?fbid=10222079932937202&set=a.10213630993038985&locale=fr_FR

**Ary isika dia mbola afaka mangata-pitahiana hatrany eo amin'ilay hazo mahagaga ao Maromizaha hanatanteraka ny fanirian-tsika izy.**



GERP

ASLM

© Catherine RHIAT

*Ny fiarovana ny zavaboaharin'i Madagasikara ho an'ny taranaka amam-para dia tsy maintsy mandalo amin'ny fampahafantarana.*



**Catherine Rhiat**

*Mpanoratra sy filohan'ny fikambanana*

Association pour la Sauvegarde des Lémuriens de Madagascar

https://www.aslm-lemuriens.org

Amin'ny alalan'ity tantara ity, dia te hanome voninahitra ny asa nataon'i



**Jonah Ratsimbazafy**

*Primatologue,*

*Mpikambana mpanorina sy filohan'ny GERP*

et



**Berthe Rakotosamimanana,**

*Primatologue*

*Mpikambana sy mpanorina ny GERP*

**Groupe d'Etude et de Recherche sur les Primates de Madagascar**

*Ny varika dia biby tsy manapa-haroa eto amin'izao tontolo izao,*
*eto Madagasikara ihany no misy azy ireo.*
*Hanjavona izy ireo ary ilaina ny fandraisana andraikitra*
*haingana mba hamonjena azy ireo.*